# MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

BULLETIN D'INFORMATION N°04 : 10 Août - 16 Août 2020

12 AOGOSITRA 2020:

## « CONCENTRATEURS D'OXYGÈNE » MIISA 1658 HO FAMPITAOVANA NY HOPITALY



Tonga ny 12 Aogositra 2020 teo, teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ny ampahany faharoa an'ireo fitaovana nafaran'ny Fitodram-panjakana. Pr Ahmad AHMAD sy mpiaramiasa aminy avy eto amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka no nandray izany.

Entina hanatevenana ireo fitaovana entina miatrika ireo seho Covid-19 misy fahasarotana eny amin'ny hopitaly lehibe manerana an'ny Nosy ireto « concentrateurs d'oxygène » miisa 1095 ireto.

Raha tsiahivina dia ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA no tonga teny amin'ny seranam-piaramanidina Bani Ivato ny 09 Aogositra 2020 lasa teo nandray baoritra 563 nisy « concentrateurs d'oxygène » sy « lunettes nasales à oxygène » ho fampitaovana ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka.

11 AOGOSITRA 2020:

## ADY AMIN'NY COVID-19 SY NY TETIKASA TOLISABO II



Tamin'ny alalan'ny tetikasa TOLISABO II no nahafahan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka notarihan'i Pr Ahmad AHMAD, Ministry ny Fahasalamam-bahoaka, nandray ny ireo fitaovana hanamafisana ny ady amin'ny valanaretina Covid-19 natolotry ny Governemanta Japoney sy ny UNFPA eto Madagasikara ny 11 Aogositra 2020 lasa teo.

Maro ireo fitaovana nomena hiarovana ny mpiasan'ny fahasalamana eo am-panatanterahana ny asany toy ny EPI (équipements de protection individuelle), ny «kits» ho an'ny asa maika amin'ny fahasalamana ara-pananahana, ny ho an'ny paikady amin'ny asan'ny mpampivelona , ny ho an'ny fampiterahana miisa 3400 , ary gels hydro-alcooliques miisa 9600.

Ankoatra ireo distrika misitraka ny tetikasa TOLISABO II izay ahitana an'ny distrika Ambovombe, Tsihombe, Beloha, Bekily, Ampanihy, Betioky, Amboasary dia hahazo ireto fitaovana ireto ihany koa ny faritra Analamanga sy Alaotra Mangoro, izay toerana tena ahitana ny fiparitahan'ny valanaretina Covid-19.

**Malagasy mifampitsinjo, mandresy ny coronavirus**

11 AOGOSITRA 2020:

## BE M'IRAY SY NY ADY AMIN'NY COVID-19



Nivahiny nivantana tao amin'ny pejy Facebook ny TAnora Filamatra Aho na TAFA, ny Talata 11 Aogositra 2020, ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka nanao fanentanana tamin'ny alalan'ny paikady BE M'IRAY izay mivoy ny fihetsika fototra roapolo (20) entina hanatsara hatrany ny fahasalamam-bahoaka. Lohahevitra nentin'i Dr Manitra RAKOTOARIVONY, Tale Fampiroboroboana ny Fahasalamana eto Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Covid-19 sy ny tanora. Noresahany fa 35 ka hatramin'ny 45 taona ny salantaonan'ny olona tratran'ny Coronavirus eto Madagasikara, ny tanora isan'ireo manaparitaka ny tsimokaretina noho izy ireo tsy dia miheno ny fanentanana. Raha mihatsara ankehitriny ny salanisa dia entanina hatrany ireo tanora hanohy ny ady amin'ity valanaretina ity ka hanao hatrany ireo fihetsika manakana ny fiparitahan'ny coronavirus. Dimy andro moa no naharetan'ity fandaharana tao amin'ny Facebook ity ka lohahevitra maro no noresahana toy ny vohaka tsy irina, ny fandraisanandraikitra ara-pahasalamana.

07 -13 AOGOSITRA 2020:

## ADY AMIN'NY COVID-19 ANY AMORON'I MANIA



Miezaka hatrany ny mpiasan'ny fahasalamam-bahoaka manatanteraka ny asa andavanandrony sy ny asa fanampiny amin'ny ady amin'ny Covid-19. Tohizan'ny ekipa teo anivon'ny Foibemparitry ny Fahasalamam-bahoaka Amoron'i Mania hatramin'izao ny fizarana ireo fitaovana fanentanana eny anivon'ny CSB, ny kaominina ary ny fianarana. Ankoatra izay dia nanao fanentanana mahakasika ity valanaretina teny ankianja sy tao amin'ny fampielezampeo tao an-toerana izy ireo. Nitondra fanazavana teny ifotony koa ireto mpiasan'ny fahasalamana ireto hahatonga ireo olona henoina teny « influenceurs locaux » eny anivon'ny fiarahamonina ho mpisehatra amin'ny ady amin'ny Covid-19. Misy hatrany ny fihaonana amin'ny sefo CSB, ny mpanentana ara-pahasalamana.

07 - 13 AOGOSITRA 2020:

## ADY AMIN'NY COVID-19 ANY ANOSY



Toa ny faritra rehetra manerana ny Nosy dia ny asa fanentanana amin'ny ady amin'ny Covid-19 no isan'ireo vaindohandraharaha tanterahan'ny mpiasan'ny fahasalamana aty amin'ny Faritra Anosy. Ao ny fandefasana ireo horonampeo sy horonantsary fanentanana amin'ny haino amanjery, ao ny firesahana amin'ny Radio Miaramanonja nahafahana nanentana amin'ny tokony hanatonana hopitaly raha vao misy soritraretina, ny mahazavadehibe ny fitsaboana, ny fanaovana fitiliana. Mitohy ihany koa ny fanentanana eny anivon'ny tsena sy ny birao hifaneraseran'ny olona ary ny sekoly niarahana tamin'ny SRCA Anosy Miaramientana amin'ny CRCO amin'ity ady amin'ny valanaretina ity ny QMM, PAM, UNICEF ary ny CROIX ROUGE.

## "Asa masina ny fitsaboana"

Izany no teny fankaherezana nambaran'i Pr Annick Lalaina ROBINSON, Talen'ny Hopitaly natokana ho an'ny reny sy ny zaza ao Tsaralalana amin'ireo mpiaramiasa aminy rehetra miatrika ireo mararin'ny COVID-19. Na dia mafy sy sarotra aza ny ady atrehana amin'izao vanimpotoana izao dia mampatsiahy hatrany ny maha asa masina ny fitsaboana ity Lehiben'ny Hopitaly ity. Miezaka ny mihaino ireo sosokevitra ny mpiaramiasa ihany koa izy ary mikaroka vahaolana mahafapo araka izay azo tanterahana eo anivon'ny hopitaly.

## Mitsinjo ny marary ny mpiasan'ny fahasalamana

Rindrandamina eo anivon'ny Hopitaly ny fifandimbiasan'ny mpiasa miasa hahafahana mitsabo antsakany sy andavany ny marary rehetra sy indrindra hiarovana azy ireo amin'ny valanaretina. Amin'ny ankapobeny, miasa dimy ka hatramin'ny fito andro ny mpiasa hampihenana ny fivezivezena izay mety hahazoana ny tsimokaretina.

Amin'ny 8 ora maraina no miditra ary ny ampitso amin'ny 8 ora maraina no mirava ny ekipa iray rehefa vita ny fifamindrana asa. Manao EPI «Equipements de Protection Individuelle» ny mpiasa ary hatao filiana GENEXPERT amin'ny fotoana izay ilàna izany. Mpiasan'ny fahasalamana miisa 51 no mifandrimbona amin'ny fanantaterahana ny asa eto amin'ny CHUMET. Sivy amin'ireo dia Mpitsabo, 15 rasazy sy infirmiers, 20 mpianatra ho mpitsabo, 07 mpanadio ny toeram-piasana izany hoe ny 35%n'ny mpiasa rehetra.

Manana mpiaramisasa ny CHUMET ankoatra ny fitarihin'ny ny Ministeran'ny Fahasalamambahoaka toy ny LABORATOIRES PHARMACEUTIQUES, ny FJKM AMBATOMENA, ny STAR ary ny GALANA.

## Fitilina "GENEXPERT" ho an'ireo tranga ahiana

Mitondra mivantana ny zanany ahiany ho mitondra ny coronavirus eto amin'ny Hopitay ny ray amandreny . «Manao fitilina "GENEXPERT" eto an-toerana izahay, heno ny androtriny ny valiny» hoy ny Lehiben'ny hopitaly. Marary roa isan'andro, amin'ny ankapobeny, no tonga eto amin'ny CHUMET. Nanomboka ny 1 Jolay 2020 no nandray marary ny hopitaly.

Afaka mandray marary miisa valo ny Hopitaly : efatra ahiahiana ary efatra voamarina. Telo no marary tsaboina eo anivon'ity hopitaly ity amin'izao fotoana izao: renim-pianakaviana izay voamarina fa mitondra ny Coronavirus ny iray , ary zaza ahiahiana kosa ny roa ambiny.

Eo amin'ny fito ka hatramin'ny 10 andro no faharetan'ny fitsaboana ny marary. Hatreto tsy mbola nisy ny zaza voamarina fa mitondra ny tsimokaretina notsaboina teto anivon'ny Hopitaly. Sitrana avokoa ny mararin'ny COVID-19 noraisina teto izay marihina fa olondehibe tsy nahitana soritraretina.

## Vahaolana manoloana ireo olana sedrainy

Misy ny fotoana tsy ampy ny fanafody hitsaboana ny olondehibe. Miezaka hatrany ny tomponandraikitra eto anivon'ny Hopitaly sy ny sampanasa sosialy mikaroka vahaolana. Miantoka ny fitsinjarana ny sakafon'ny marary COVID-19 sahirana ny hopitaly.

Noho izany dia tokony hisy ny fanampiana avy amin'ny Fitondram-panjakana manoloana ny fandaniana iatrehana ny valanaretina sy ny fandrisika manokana ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana mandray ny mararin'ny COVID-19.











## "Les métiers du secteur médical, de nobles missions !".

Tel est le mot d'encouragement de Pr Annick Lalaina Robinson, Directeur du Centre Hospitalier Universitaire Mère-Enfant de Tsaralalana, à son personnel afin de l'encourager dans cette guerre de longue haleine contre la pandémie. Les responsables au niveau de ce centre de santé sont ouverts suggestions du personnel et essayent d'y répondre selon les moyens disponibles.

## La santé des patients, une priorité des agents de santé

L'espacement des tours de garde est une des mesures adoptées afin d'assurer la qualité du traitement des patients et de les protéger de la pandémie. En moyenne, la rotation se fait tous les cinq à dix jours en vue réduire les risques d'exposition à la contamination à travers la mobilité urbaine. Une équipe de garde commence à huit heures du matin et termine à la même heure le lendemain après une passation avec le groupe de relai. En outre, le personnel, bien équipé en protection individuelle, bénéficie également du dépistage GENEXPERT selon les circonstances.

Une cinquantaine d'employés est à pied d'œuvre pour soigner les malades au sein de cet établissement hospitalier. Neuf d'entre eux sont Médecins, 15 sage-femmes et infirmiers, 20 internes et 07 personnel d'appui, soit 35% de l'effectif total.

Sous la tutelle du Ministère de la Santé Publique, le CHUMET travaille en étroite collaboration avec les LABORATOIRES PHARMACEUTIQUES, l'église FJKM AMBATOMENA, et les sociétés comme STAR et GALANA.

## Dépistage "GENEXPERT" des cas suspects à l'hôpital

Des parents amènent directement leurs enfants, présentant des symptômes de la maladie, au CHUMET. "Nous effectuons le dépistage "GENEXPERT" dans notre établissement avec un rendu de résultat de 24 heures", a précisé le Directeur de l'Hôpital. En moyenne, deux patients atteints du Coronavirus rejoignent le centre qui a commencé le traitement de la COVID-19 depuis le début du mois de juillet 2020. Le centre peut accueillir huit patients dont quatre confirmés et quatre suspects.

Actuellement, trois patients y suivent le traitement : une mère COVID-19 positive et deux enfants de cas suspects. Le délai de traitement est de dix jours. L'établissement n'a pas encore enregistré de cas confirmé pédiatrique et les patients adultes sont des cas asymptomatiques. Jusqu'à présent, le centre affiche un taux de guérison de 100%.

## Des solutions face aux contraintes

Parfois, les médicaments pour le traitement des adultes sont insuffisants. La direction et le service social déploient les moyens nécessaires pour solutionner les problèmes notamment à travers l'allocation partielle de la nourriture des malades vulnérables à ceux atteints de la COVID-19. Une subvention spéciale de la part de l'Etat est, donc, primordiale pour que les centres hospitaliers puissent répondre adéquatement aux besoins spécifiques de la lutte contre la pandémie. Les agents de santé, confrontés à la maladie dans les centres de traitement méritent également des indemnités de risque.

Tsaralalana, le 9 Août 2020

### *14 ireo mararin'ny COVID-19*

Toy ireo mpiasan'ny fahasalamana manerana ny Nosy dia tsy mikely soroka ireo mpiasa eto amin'ny hopitaly Fenoarivo ety Atsimondrano, amin'ny fitsaboana ireo mararin'ny COVID-19 izay nanomboka noraisina ny 21 Aprily 2020. Manodidina ny iray na roa isan'andro no nanatona ny hopitaly izay. afaka mandray marary 30 ka amin'izao fotoana izao dia 14 no tsaboina ao an-toerana: ny dimy voamarina ary ny sivy kosa ahiahiana.

15 ka hatramin'ny 30 andro ny faharetan'ny fitsaboana. Valopolo isan-jaton' izy ireo dia sitrana avokoa noho ny fahafahana nandray an-tanana azy ireo ara-potoana. Na dia manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fitsaboana ireo marary aza ireo mpitsabo dia misy ireo lavon'ny valanaretina COVID-19 noho ny tranga nisy fahasarotana ary indrindra ny fahataran'ny fahatongavan'ny marary eto anivon'ny hopitaly.

### *Paikady sy Fomba fiasa matotra*

Anisan'ny paikady entin'ny CHU Fenoarivo miady ny amin'ny valanaretina ny fanomezana sakafo be otrikaina ny marary sy ny mpiasan'ny hopitaly. Ezahana hatrany ho ampy ny fitaovana hiarovana ny mpiasa toy ny «Equipements de Protection Individuelle», ny savony ary ny "gel hydroalcoolique". Ary mitohy ny fizarana torohay sy fampiofanana ny mpiasa hanamafisana ny fahaizamanao amin'ny fitsaboana ity valanaretina ity.

Fanafody maro sy fitaovana toy ny «Oxygène en bouteille", ny "extracteur d'oxygène", "saturomètre", ny "ECG" no entina hitsaboana ny marary eto amin'ity toeram-pitsaboana ity.

Telopolo isan-jaton'ny mpiasan'ny hopitaly no misahana ny fandraisana ny mararin'ny Covid-19. Dimy mpitsabo ankapobeny, valo sage-femmes, roa infirmiers, roa mpikirakirany fitaovana fanaovana fitarafana , roa mpirakidraharaha, valo misahana ny asa fanadiovana sy ny fandraisana eo am-bavahady ary efatra mpiandraikitra ny fikojana ny fitaovana. Mifandimby isan-tsokajiony avy ireo mpiasa ireo miantoka ny fiandrasana raharaha COVID-19. Marihina fa amin'izao vanimpotoanan'ny hamehana izao dia misy ny fiara fitaterana iombonana omen'ny Fanjakana hitaterana ny mpiasa.

Anisan'ny mpiaramiasa amin'ny CHU Fenoarivo ny UNICEF.

### *Ireo laharampahamehana handresena ny valanaretina*

Hahafahana miantoka ireo fandaniana ateraky ny valanaretina dia zavadehibe ny fanomezana ny fitaovana hahafahana mampiasa ny angovo azo avaozina toy ny hery ny masoandro hisorohana ny fahatapahan-jiro matetika ary koa ny "générateur d'oxygène avec circuit d'oxygène "hanamafisana ny fitsaboana ny tranga misy fahasarotana.
"Tokony ho laharampahamehana ihany koa ny famatsiana fanampiana manokana avy amin'ny fanjakana ary ny fanomezana ny fandrisika ho an'ireo mpiantsehatra COVID-19", hoy ny Lehiben'ny Hopitaly, Dr RABARIJAONA Laurencia Marie Pauline Herinirina









### *14 patients atteints de la COVID-19*

Comme ses confrères dans toute l'île, le personnel du Centre Hospitalier Universitaire Fenoarivo d'Atsimodrano se dévoue au traitement des patients atteints de la Covid-19 depuis 21 Avril dernier. Un à deux patients par jour rejoignent le centre qui peut accueillir 30 malades. Actuellement, 14 patients y sont traités dont cinq confirmés et 9 suspects.

Le délai de traitement est de 15 à 30 jours. 80 % d'entre eux sont tous guéris grâce à une prise en charge à temps. Cependant, malgré le dévouement des agents de santé, la maladie a été fatale aux patients atteints de forme grave qui ont tardé à venir à l'hôpital.

### *Une stratégie et une méthodologie efficaces*

L'allocation d'une nourriture riche en vitamines est d'une des stratégies adoptées par le CHU Fenoarivo afin de renforcer la défense immunitaire des malades et du personnel. Une dotation suffisante en Équipements de Protection Individuelle, en savons et en gel hydroalcoolique des agents de santé concourt à la protection du personnel. Et, le partage d'information et la tenue de formations systématiques consolident ses compétences sur le traitement de cette maladie.

Pour le traitement des patients atteints de la COVID-19, le centre utilise de nombreux médicaments, des matériels tels que l'Oxygène en bouteille, l'extracteur d'oxygène, le saturomètre, l'Electrocardiogramme (ECG).

En termes de méthodologie, 30% des employés de l'hôpital s'activent dans la prise en charge des patients atteints de la COVID-19. 5 d'entre eux sont Médecins généralistes, huit sages-femmes, deux infirmiers, deux manipulateurs radio, deux surveillants généraux, quatre maintenanciers et huit personnel d'appui dont trois au portail. Chaque catégorie est représentée pour assurer l'équipe de garde qui se relaie en moyenne tous les trois jours. Notons qu'en cette période d'urgence sanitaire, deux véhicules octroyés par l'État s'occupent du transport du personnel de garde.

Par ailleurs, le CHU Fenoarivo collabore avec d'autres partenaires comme l'UNICEF.

### *Les priorités pour vaincre la pandémie*

Face aux besoins spécifiques de riposte, l'hôpital sollicite l'accélération de la dotation des plaques solaires pour mettre fin aux coupures fréquentes d'électricité ainsi que des générateurs d'oxygène avec circuit d'oxygène afin de renforcer la prise en charge des formes sévères.

« La subvention spéciale de la part de l'Etat et l'allocation des indemnités de risques des agents de santé doivent également être des priorités », a soulevé le Directeur d'Etablissement, Dr RABARIJAONA Laurencia Marie Pauline Herinirina

Fenoarivo, le 13 Août 2020

# MADAGASIKARA mandresy ny CORONAVIRUS

BULLETIN D'INFORMATION N°04 : 10 Août - 16 Août 2020

12 AOUT 2020:

## 1658 CONCENTRATEURS D'OXYGENE POUR EQUIPER LES HOPITAUX



Conduite par le Pr Ahmad AHMAD, l'équipe du Ministère de la Santé Publique a procédé à la réception de la deuxième vague des matériels, demandés par l'Etat Malagasy, à l'aéroport international d'Ivato le 12 Août 2020.

Ces 1095 concentrateurs d'oxygène renforceront les équipements de traitement des formes sévères dans les centres hospitaliers à travers toute l'Ile.

Rappelons que le Président de la République Andry Rajoelina a déjà réceptionné la première vague de 563 cartons contenant des concentrateurs d'oxygène et des lunettes nasales à oxygène le 09 Août 2020 au Bani Ivato.

11 AOUT 2020:

## LUTTE CONTRE COVID-19 ET LE PROJET TOLISABO II



Le Ministère de la Santé Publique représenté par son Ministre Professeur AHMAD Ahmad a reçu les dons d'équipements de la part du Gouvernement Japonais le 11 août dernier à travers le Projet TOLISABO II en présence de l'Ambassadeur du Japon, SEM HIGUCHI Yoshihiro, et le Représentant adjoint de UNFPA Madagascar.

Cette donation est composée d'équipements de protection individuelle, de kits de santé reproductive d'urgence, des kits pour la stratégie avancée des sages-femmes, des kits individuels d'accouchement pour 3.400 femmes enceintes, de 9.600 unités de gels hydro-alcooliques.

A part les 7 districts bénéficiaires du projet TOLISABO II dont le district d'Ambovombe, de Tsihombe, de Beloha, de Bekily, Ampanihy, Betioky, Amboasary, les régions d'Analamanga, foyer de la pandémie, et d'Alaotra Mangoro, bénéficieront également de ces équipements.

**Malagasy mifampitsinjo, mandresy ny coronavirus**

11 AOUT 2020:

## BE M'IRAY ET LA LUTTE CONTRE COVID-19




Le Ministère de la Santé Publique a été invité sur la plateforme Facebook « Je suis un jeune modèle » pour effectuer une sensibilisation en livestreaming sur la Stratégie BE M'RAY le 11 Août 2020. Le concept BE M'RAY ou campagne parapluie, rappelons-le, rassemble les vingt comportements prioritaires favorisant l'amélioration de la santé publique. « Les jeunes et la Covid-19», principale thématique abordée par Dr Manitra RAKOTOARIVONY, Directeur de la Promotion de la Santé Publique. Il a noté que la tranche d'âge moyenne touchée par le Coronavirus à Madagascar est de 35 à 45 ans. Les jeunes sont des acteurs potentiels de propagation du virus étant donné que ces derniers sont des récepteurs passifs des messages de sensibilisation. Malgré la tendance à la baisse de la courbe épidémiologique dans la Grande Ile, le maintien des gestes barrières est vivement encouragé principalement chez la jeunesse malagasy afin de couper la chaîne de transmission.

07 -13 AOUT 2020:

## AMORON'I MANIA SE BAT CONTRE LE COVID-19



Le personnel de santé redouble d'efforts dans l'accomplissement de ses tâches et attributions quotidiennes en sus de celles liées à la pandémie. L'équipe de la Direction Régionale d'Amoron'i Mania poursuit le dispatching des supports de communication auprès des CSB, des communes ainsi que des établissements scolaires. En outre, elle a également effectué des sensibilisations sur la COVID-19 dans les stades et par le biais des médias locaux. Cette équipe s'est aussi déplacée auprès de la population pour le renforcement de l'engagement communautaire dans la lutte contre la pandémie à travers les paroles des influenceurs locaux. Par ailleurs, les échanges avec les Chefs CSB, les Agents communautaires ont été réalisées afin d'assurer une coordination de la lutte.

07 - 13 AOUT 2020:

## ANOSY LUTTE CONTRE LA COVID-19



Comme ses semblables dans toute l'île, le personnel de santé de la DRSP Anosy fait de la sensibilisation sur la lutte contre la Covid-19 une priorité. Parmi ces activités de sensibilisation figurent la diffusion des spots audiovisuels, les interventions radiophoniques dans le « Miaramanonja » sur l'importance de la recherche de soins auprès des centres de santé en cas d'apparition de symptôme(s), du traitement et du dépistage. La DRSP Anosy continue aussi les sensibilisations auprès des lieux publics comme les marchés et bureaux ainsi que les établissements scolaires, en collaboration avec le SRCA Anosy. Dans le cadre de cette lutte, la DRSP Anosy travaille de concert avec la CRCO locale ainsi qu'avec les partenaires existants comme le QMM, le PAM, l'UNICEF et la CROIX ROUGE.